# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Septambra 2018

# 5 Alarobia septambra

**Tsy zavatra mety ho simba … no nanavotana anareo … fa ny ra soan'i Kristy.** 1 Petera 1. 18, 19

**Tsy fantatrareo va fa momba ny tenan'i Kristy ny tenanareo ? … Ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo.**
1 Korintiana 6. 15, 19-20

## Ahy ianao

Efa elaela ihany izay i Bena no kristiana. Voavonjy izy, ary manana fiadanam-po. Manana toetra mahaleo tena izy, tia mandamina ny raharahany sy mitondra ny fiainany araka ny heviny, ka tsy mba manontany ny hevitr'iza na iza.

Indray hariva anefa dia nisy tenin'ny Baiboly nanaitra azy : „Tsy tompon'ny tenanareo ianareo… olom-boavidy ianareo".

Lasa saina i Bena, nijery ny penina teny an-tanany. Izy no nividy io penina io, noho izany dia azy io, ary azony anaovana izay tiany hatao aminy.

Nanjary nanan-danja tampoka tamin'i Bena ilay teny hoe „olom-boavidy" : novidin'i Jesosy izy, nanefa ny sarany Jesosy, ary sarany manao ahoana re ! Ny rany sarobidy, izany hoe ny ainy ! Mazava ny dikan'izany : tsy an'ny tenany intsony i Bena, fa lasa fananan'i Jesosy. Nanomboka teo, dia tsapany fa manana zo eo amin'ny fiainany Jesosy, manana zo eo amin'ny antsipiriany rehetra amin'ny fiainany. Nanjary nahazatra an'i Bena ny nanontany an'i Jesosy ny heviny, isaky ny toe-javatra tsirairay. Tsy faneriterena sarotra anefa zakaina izany. Jesosy ve tsy efa naneho ny fitiavany an'i Bena, tamin'ny nanavotany azy, ary ny ainy natolony teo amin'ny hazofijaliana no saran'izany ?

Sambatra ianao satria voavonjy, manana ny fiainana mandrakizay. Ankehitriny dia an'i Jesosy ianao : henoy ny feony, amin'ny toejavatra rehetra, na kely na lehibe. Araho ny torohevitr'io Mpampianatra io, ato amin'izao tontolo ankehitriny izao, tontolo tsy tokony hiainanao toy ny fiainan'ny maro an'isa ao. Ary aza hadino fa tsy misy mahasaraka antsika amin'i Jesosy.